“Ry olombelona, mibebaha amin’I Allah, fa izaho dia mibebaka Aminy in-jato isan’andro.”

Tatitra azo avy tamin'i Al-Aghar, izay iray amin'ireo mpiaradian'ny Mpaminany (S.A.W) niteny : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Ry olombelona, mibebaha amin’I Allah, fa izaho dia mibebaka Aminy in-jato isan’andro.”

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Mandidy ny olona hibebaka sy hikatsaka famelan-keloka betsaka ny Mpaminany (S.A.W), ary milaza ny momba ny tenany izy fa mibebaka amin'I Allah sy mangataka famelan-keloka mihoatra ny in-jato isan'andro, nefa efa voafafa ny fahotany teo aloha sy ny mbola ho avy, ary ao anatin’izany ny fanetren-tena sy ny fanompoana an'I Allah.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4809